## Mpiandraikitra foibe FJKM 2
### Miantso ny mpitondra hampanjaka ny fahamarinana

## Antoko PSD, Mandritsara 3
### Nankalaza ny faha-64 taonan'ny Repoblikan'i Madagasikara


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 22 oktobra 2022 | Laharana 1360 | Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


## Barea U23 sy Panthères du Gabon U23 5
### Rahampitso no fotoana etsy Mahamasina

## RMDM Analamanga 2
# Ravao ny HCC sy ny CENI, hiaraha-midinika ny mpikambana vaovao





## Miaina fanjakan'i Baroa ny firenena 2
# Nampanginina ny raharaha Depiote Vola Baoritra sy hazo sarobidy



## Tsy misy antenaina amin'ny Parlemanta eto 3
# Antenimieran'ny mpanitsakitsaka lalàna sy mpingitrika fivoriana




## Assanati Famo gidraka 6
# Tsy manao politika ny fikambanany



## Tranga mampivarahontsana 6
### Novonoiny tamin'ny fomba feno habibiana ny vadiny

## Zava-misy eto amin'ny firenena 3
### Tsy miloko mena intsony fa efa mirehitra afo mihitsy

## Daka kely



Fitondrana tsara tataka fa tsy tsara tantana no misy eto ry Boaikely a !

RMDM Analamanga

# Ravao ny HCC sy ny CENI, hiaraha-midinika ny ho mpikambana vaovao

***Nanao fanambarana momba ny raharaham-pirenena omaly, teny Bel'Air Ampandrana, ny rodoben'ny mpanohitra: RMDM Analamanga, tarihan'ny filohany Tsiry Ratsimbaharimanga. Nasongadin'izy ireo nandritra izany, fa tokony ho ravana ny HCC sy ny CENI ary hiaraha-midinika ny handrafetana ny ho mpikambana vaovao amin'ireo andrimpanjakana roa ireo.***

Manoloana ny raharaham-pirenena ankehitriny dia tsy afaka ny hitazam-potsiny izahay ato anatin'ny RMDM Analamanga, amin'ny maha mpanara-maso ny fiainam-pirenena anay ,amin'ny maha mpisehatra ara-politika, mpitondra vahaolana ary mpitsikera ny tsy fetezana misy eo amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenena amin'ny ankapobeny. Ny vahoaka no tompon'ny fahefana, izay nampindraminy ny mpitondra tamin'ny alalan'ny fifidianana, ka rariny ary adidin'ny olom-pirenena tsirairay ny manara-maso ny raharaham-pirenena ary mitaky ny tamberin'andraikitra amin'ireo olona nampindraminy izany fahefany izany. Noho izany dia, manao izao fanambarana izao izahay: mila ny fiaraha-mientan'ny olom-pirenena isan'ambaratongany ny fametrahana ny fampandrosoana eto amin'ny firenena. Tsy ho tonga amin'izany velively anefa isika raha mbola miharihary ny fahitan'ny olom-pirenena tsirairay fa tsy mipetraka ilay tany tandalàna, ilay fitondrana tsara tantana, vonona ny hitsinjo marina ny tombontsoa iombonana. Tsy ho tonga velively amin'izany fahavitrihan'ny olom-pirenena isan'ambaratongany izany isika raha toa mbola mahatsapa ny tsirairay, fa voahosihosy ny safidiny amin'izay olona tiany hitantana ny firenena. Tsy ho tonga amin'izany isika, raha toa mbola mahita ireo sarambabem-bahoaka, fa gaboraraka ny fitantanana ny volam-bahoaka sy ireo harena voa-janahary iombonana. Tsy ho tonga amin'izany isika, raha toa ka atao fialokalofana hanatanterahana asa ratsy sy fanodinkodinana ny harem-pirenena ny ahazoana fahefana. Tsy hipetraka ny fitoniana ara-politika, raha toa ka asiana fiandaniana ny fampiharana ny lalàna velona eto amin'ny tany sy ny firenena. Manjaka ny ramatahora isan-karazany sy ny fanagadrana an'ireo olona tsy mitovy firehan-kevitra amin'ny mpitondra, raha toa ka malalaka kosa izany amin'ireo mpiara-dia aminy. Mitaky izahay ny hamoahana ny marina mikasika ireo raharaha nafana niseho teto amin'ny firenena izay mila valiny avy amin'ny mpitondra (raharaha ecran plat, raharaha bonbon sucette, raharaha volamena 73Kg, raharaha volamena 36Kg, raharaha fanondranana zava-mahadomelina, raharaha Anjozorobe, raharaha Ankazobe, raharaha Antsakabary, raharaha solika, raharaha Ikongo, sns… Mitaky ny hanehoan'ny mpitandro filaminana, mba ho tena Tandroka aron'ny vozona marina, tsy hiditra ao anatin'ny raharaha politika, fa hijanona ho mpiaro ny vahoaka sy ny fananany. Vahaolana iray tsy maintsy hapetraka ny fanatanterahana ny fifidianana ao anatin'ny fangaraharana tanteraka ary hiarahana mamolavola sy mifampidinika ary manatanteraka ny hanatsarana izany. Mila mipetraka ao anatin'ny tsy fiandaniana (neutralité de l'administration), ary mametraka ny fahamarinana ireo rafitra rehetra iankinan'izany fifidianana izany, mba hisian'ny antoka ho an'ny vahoaka tompon'ny fahefana. Efa mametraka sahady aty amboalohany izahay, fa tsy mandeha araka ny tokony ho izy ny fanatanterahana io fanitsiana ifotony ny lisi-pifidianana io (Refonte de la liste electorale). Maro ny lesoka efa hita sahady ary tsapa fa kitoatoa tsy ao anatin'ny fenitra takiana amin'izao fitadiavana ny fahamarinana eo amin'ny lafiny fifidianana izao ny zava-misy. Mitaky ny handravana ny HCC sy ny CENI, ka hiarahana mifampidinika ny hametrahana ireo mpikambana vaovao. Mitaky ny hifidianana ny filoham-pokotany, mba ho tena Tomponandraikitra marina eny ifotony. Tsy tompon'antoka amin'izay mety vokany haterak'ireo lesoka izahay, ka miala nenina ny tokony hirosoan'ny fitondrana ao anatin'ny "Concertation nationale", izay hany làlana hahafahana mandamina ny firenena, sy antoka hirosoana ao anatin'ny fifidianana: madio, mangarahara, ary eken'ny rehetra. Miantso ny vahoaka rehetra ho mailo, ka hanara-maso amin'ny antsipiriany ny fanavaozana ifotony ny lisi-pifidianana ary mamporisika ny tsirairay hisoratra anarana, mba hahafahana maneho ny safidy amin'izay olona tiana hitantana ny firenena ary ho fanehoana ny fitiavan-tanindrazana. Firenena iaraha-manana ny firenentsika, ka tsy misy hanana tombontsoa ny hisian'ny korontana sy ny savorovoro. Manainga ny FFKM, sy ireo Ray amandreny ara-panahy, ny Fiarahamonim-pirenena, ny communauté internationale, handray ny andraikiny manoloana ireo fitakiana rehetra ireo, mba ho tombontsoa iombonan'ny vahoaka Malagasy rehetra tompon'ny fahefana sy ny Tanindrazana : Ho an'ny tanindrazana sy ny tombontsoan'ny vahoaka Malagasy."





*Ireo avy amin'ny RMDM Analamanga.*

***Nangonin'i Helisoa***

Mpiandraikitra foibe FJKM

# Miantso ny mpitondra hampanjaka ny fahamarinana



Nivory tetsy amin'ny CFD Ampandrana tamin'ity herinandro ity, ny mpiandraikitra foibe ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa eto Madagasikara (FJKM). Nisy ny fanambarana nataon'izy ireo tao aorian'izany:

"Manainga ny mpitondra fanjakana hampanjaka ny fahamarinana sy handray andraikitra manoloana ny fahantrana lalina, ny tsy fandriampahalemana, ny fanaovana tantely afadrakotra ny harem-pirenena, ny fiparitahan'ny zava-maha-domelina ary ny fandorana tanindrazana, izay mahazo vahana eto amin'ny firenentsika ankehitriny. Miantso ny rehetra hifampihaino, mba hisian'ny filaminana sy hampanjakana ny fihavanana, indrindra amin'izao ankatoky ny fifidianana eto amin'ny firenena izao ary samy handray andraikitra, mba ho madio sy mangarahara izany fifidianana izany." Nitondra izany hafatra izany ny filohan'ny FJKM: Dr Irako Andriamahazosoa Ammi, mpitandrina filohan'ny mpiandraikitra foibe.

***Nangonin'Isambilo***

### Ny Valosoa sy fakafaka

## Miaina ny fanjakan'i Baroa ny firenena

## Nampanginina ny raharaha "Depiote Vola Baoritra" sy hazo sarobidy

Maneho miharihary fa mizotra ao anatin'ny fanjakan'i Baroa ny fitantanam-pirenena ankehitriny. Niezaka ihany ny manamafy izany ny fitondrana, tamin'iny fanapahan-kevitra nanàla amin'ny toerany ny minisitry ny raharaham-bahiny iny andro vitsy lasa izay. Fepetra noraisin'ny fitondrana taorian'ny fanehoan-kevitr'i Madagasikara tamin'ny fanaovantsonia momba ny raharahan'i Russie nanao fitsapan-kevi-bahoaka amin'ireo tanàna efatra lehibe any Ukraine. Na inona fanazavana sy fepetra noraisina, ny voalaza fa fanapahan-kevitr'ilay minisitra samirery momba izany fa tsy itovian'ny filohan'ny Repoblika hevitra aminy, dia maneho mazava ny fisian'ny manam-pahefana samihafa, fa tsy tokana amin'ny tranga iray amin'ny raharaham-pirenena. Tsy vao tranga indray mandeha iny teto amin'ny firenena iny, fa nahatarafana izany teo aloha, fa ity fitondrana Rajoelina ity dia ambara mandrakariva eto amin'ny gazety, fa amin'ny lamba rovitra omby tondro tsy taitra, fa efa omby loha vao mikoropaka sy miseho mandray fepetra hatrany. Anisan'ny tranga niseho ny momba ny raharaha fandraràna ny hetsiky ny antoko Tim teny amin'ny Magro. Tamin'izany no nisian'ny tsy fitovian-kevitra teo amin'ny prefet an'Antananarivo sy ny « mpitandro filaminana » tamin'ny fepetra noraisina. Ny iray lazaina ho tompon'ny fitantanana an'Antananarivo amin'ny resaka toy izany, namela azy hiditra ao amin'ny foiben-toerany izay manokana mba hivory, fa tsy mahazo mivoaka ny toerana, ny mpitandro filaminana tsy namela mihitsy hiditra ary metatra maro miàla ny toeran'i Magro dia nodidininy avokoa. Toy izany koa no nitranga tany amin'ny faritra samihafa, ka anisan'ny nisongadina, ohatra ny tany Toliara, izay saika ho nanamarihan'ny filoha Ravalomanana ny tsingerin-taona nahaterahany. Niseho lany ireo sakana toy izany nahazo ny antoko Tim tany amin'ny faritra samihafa. Efa nanomboka nipoitra ilay endriky ny fanjakan'i Baroa sy efa nahazo vahana. Manampy izany, mitranga matetika ny fanamparam-pahefana ataon'ny olon'ny fitondrana sasany. Tsy nampiraika ny filohan'ny Repbolika izany, fa angamba ilay politikan'ny fitondrany mety aminy tsara. Dia ireny nipoaka mafy nataon'ny minisitry ny raharaham-bahiny ireny vao mikoropaka. Raha tsy sanatria efa kopaka isasahana izany sy niarahana ihany, fa misy indray ny sinemà araka ny hevitry ny olom-pirenena maro. Tsy azo atao ambanin-javatra izany fiheverana izany, fa efa milasitra ao antsain'ny maro noho ny fahitana ny zava-mitranga hatrany eo raharaham-pitantanana ny firenena. Tsy azo disoina izy ireo amin'izany, fa anjaran'ny fitondrana no mieritreritra lalina raha mbola manam-potoana hieritreretana handinihan-tena hanovàna ny fomba fiasa. Iny raharaha farany teo anivon'ny Firenena Mikambana iny aloha dia efa rano raraka tsy azo raofina intsony ary asa raha ho « voatsabo ». Ny tranga hiseho manaraka indray no andrasana. Ankoatr'izany, ilay depiote ao amin'ny Boriboritany faha-2, ilay ambaran'ny maro ihany koa hoe : depiote vola baoritra, na depiote nitondra vola tamin'ny baoritra dia nambaran'ny filohan'ny Antenimierampirenena Christine Razanamahasoa ny talata teo, fa aoka izay tsy nanota no hitora-bato azy. Izany dia midika ny fanohanan'ity filohana andrimpajakana ity ny tsy maty manota, fanjakan'i Baroa marina no misy sy ampiainan'izao fitondrana Rajoelina izao ny vahoaka Malagasy. Tokony hanokatra fanadihadiana ny eny Tsimbazaza ny amin'ny nanaovany aferana hazo sarobidy farany teo ireny, ka ny mpampily indray no nidoboka am-ponja, fa ity olom-boafidy ity, izay nanao fahazoan-dalana tsy ara-dalàna toa mangingina ny raharaha momba izay amin'izao fotoana.

***Sôh'son***

### Tsy misy antenaina amin'ny Parlemanta eto

# Antenimieran'ny mpanitsakitsaka lalàna sy mpingitrika fivoriana

Nisokatra tamin'ny talata 18 Oktobra 2022 teo ny fivoriana ara-potoana faharoan'ireo fahefana mpanao lalàna , fivoriana hifantoka amin'ny fandinihina ny lalàna hifehy ny tetibolam-panjakana amin'ny taona ho avy 2023.

Toy ny mahazatra dia ireo Filohan'ny Antenimiera roa tonta no tompon'ny vava rehefa fivoriana fanokafana , saingy indrisy fa azo lazaina ho tsy naharesy lahatra ny nambaran'izy ireo.

Nandrasana fatratra izay nambaran-dRamatoa Razanamahasoa Christine Filohan'ny Antenimierampirenena, satria solombavambahoaka mpiara-miasa akaiky aminy no nanangantsampona , tsy iza io f'ilay efa tratra nitondra vola tamin'ny baoritra, na ilay depiote vola baoritra, no tratra indray koa nitondra antsokosoko voamboana tany Alaotra.




Mody hentitra i Ramatoa Filoha , miseho ho saropiaro amin'ny andrimpanjakana tarihiny , kanefa tsy hita izay fepetra noraisiny, ilay nanao fahadisoana moa dia sady tsy taitra no tsy rototra toy ireny olona madio tsy misy pentina ireny. Ingahy Filoha Rajoelina indray mailaka ery namoaka ny didy fanesorana an'Ingahy Minisitra miadidy ny raharahambahiny, dia lasa nifantoka tany ny mason'ny mpanarabaovao. Ny tiana amafisina, Ingahy Minisitra miala amin'ny toerana dia tokony ho vita eo ny resaka, fa ny nataon-dRamatoa ''Solombavambahoaka Palissandre'', na "solombavambahoaka vola baoritra" kosa, sady fandikan-dalàna no fampiasana tsy araka ny tokony ho izy ny anaran'ny Antenimerampirenena, mendrika fanasaziana hentitra faran'izay hentitra izany . Mikasika ny fandinihina ny lalàna mifehy ny tetibola 2022, ny nahazatra ny fitondrana Rajoelina dia ny fanaovana fanahy iniana amin'ny tsy famoahan'ny Minisitra miadidy ny fitantanambola ilay volavolandalana lasitra mialoha, mba hahafahana manao tian-kano tsy tiankano izay voalaza ao, ka andrasana fotoana fohy mialoha ny fifaranan'ny fotoampivoriana vao haroso, amin'izay dia tsy misy ny adihevitra, fa dia fananganan-tanana tsy ampisainana no ataon' ireo mitonona ho maro an'isa.

Momba ny fifanatrehan'ny fahefana mpanantanteraka sy ny mpanao lalàna dia tsy misy ventiny satria toa fomba fanao fotsiny.

Maharitra roa volana ny fivoriana ara-potoana faharoa, tsy ilaina asiana resaka ny momba ny Antenimierandoholona satria olon'ny fitondrana avokoa no any, fa ny Antenimierampirenena aloha dia efa azo antoka fa tsy maintsy seza banga no mameno ny trano fivoriana, satria ho an'ireo solombavambahoaka indrindra f'ireo miaradia amin' ny fitondrana dia mazava ny ao an-tsainy, ''mamboly voky tsy mamboly voky'', raha atao mahitsihitsy kokoa ny filaza azy dia na tonga mivory na tsia dia tsy maintsy mitomboka ny tambim-pivoriana na ''indemnité de session''.

Ny fahefana mpanao lalàna no ahitana mpandika lalàna mihoa-pampana , ka ny tena fositra dia tsy ampiharina amin'izay nahavita ny heloka ny lalàna, fa toa vitavita ho azy ny resaka. Ilay ramatoa filoha dia mbola sahy manitrikitrika fa tsy ilaina hono ny fikaonandohampirenena, satria tsy misy krizy hono eto amin'ny firenena , asa inona no ilazana ireny latsabato niteraka adihevitra tany amin'ny Firenena Mikambana ireny sy ny halatra ''pallisandre '' tany Alaotra ary ny vono olona tany Ikongo. Noho izany dia tsy misy ny azo antenaina amin'ireo parlemantera, satria ny mamaritra ny antsoina hoe krizy aza tsy hainy, ka tsy maintsy very fotsiny ny volambahoaka lanin'ireo mpanitsakitsaka lalàna sy mpingitrika fivoriana ireo.

***Ny Valosoa***

### Antoko PSD, Mandritsara

## Nankalaza ny faha-64 taonan'ny Repoblikan'i Madagasikara

Nankalaza ny faha-64 taonan'ny Repoblikan'i Madagasikara tany Mandritsara faritra Sofia ny antoko PSD, sy ireo mponina tany an-toerana. Nisy tamin'izany ny fiaraha-misakafo niarahana tamin'ireo Sojabe, ary notronin'ireo mpitondra fanjakana tany an-toerana dia ny chef district, ny procureur ary ny commandant de compagnie. Nifampizara ny nofon-kena mitam-pihavanana. Tao aorian'ny fisakafoanana dia nisy ny famelabelarana narahana ady hevitra nandraisan'ny maro anjara mavitrika, mitondra ny lohahevitra : «inona no vokatra azon'i Madagasikara ara politika, ara ekonomika, ara koltoraly raha efa nandalo 64 taona tao anatin'ny État unitaire ? » Nisongadina tamin'izany, fa mila hirosoana eto amintsika ny fanaovana ny fitsinjram-pahefana tena izy .

***Isambilo***



***Ny fanamarihana ny 14 oktobra 1958 tany Mandritsara.***

## Ny Valosoa sy hadihady

## Zava-misy eto amin'ny firenena

# Tsy miloko mena intsony fa efa mirehitra afo mihitsy

Tsy miloko mena intsony fotsiny ny tondro manambara ny toe-draharaha rehetra iainana eto amin'ny Firenena fa efa mirehitra afo mihitsy. Tsy azo afenina intsony fa misy ny hiniana arehitra ary ao ireo efa hitan'ny mpitondra fa mirehitra kanefa dia na tsy manana ny fahaiza-manao na ny fitaovana entina mifehy izany na manampi-maso fotsiny ny tomponandraikitra. Efa ela no nirehitra ny afo eo anivon'ny fahefana mpanatanteraka satria nisy fotoana nivoaka ny hefitrano fivoriana ny praiminisitra noho ny nataon'ny minisitra iray izay niseho ho « super ministre » ka tsy azo fehezina sy hahitsy eo amin'ny làlandiso nizorany. Tsy mbola maty ny afo hatramin'izao satria tsy mitsahatra manao izay tiany atao ity minisitra ity ka hita eo anilan'ny filohan'ny Repoblika mandrakariva na aiza na aiza alehany, na any amin'ny fivoriana any amin'ny sehatra iraisam-pirenena aza. Misy ihany koa ireo minisitra tsy hita popoka mihitsy ary tsy fantatra izay nataony hatramin'ny fotoana nanendrena azy ka singanina manokana amin'izany ny minisitry ny fizahantany, ny minisitry ny mponina, ny minisitry ny fanatanjahantena sy ny tanora. Misy koa ny nanao be fiavy tany amboalohany kanefa, angamba, afo mololo ihany izany ka lavenona sisa tavela ary anisan'izany ny minisitry ny fitanterana. Hita fa nirehitra tokoa ny afo teo amin'ny minisitra sy ny filohan'ny filankevimpitantanan'ny « Madagascar Airlines », maty an-karanany ve ny afo. Tsy mananko lazaina koa ny minisitera manolohana ny fanomezan-dàlana ny « taxi moto » hahazo hanao fitanterana eto an-drenivohitra. Asa anefa raha tsy afaka mitsabaka amin'izany ity minisitera ity kanefa heverina fa andraikina daholo ny sehatry ny fitanterana rehetra. Telo herinandro teo izao dia nirehitra tanteraka i Madagasikara ka niravi-ravi-tànana ny minisiteran'ny tontolo iainana ka nahafatra izao fitaovana rehetra izao ho entina hamonoana ny afo. Tsy mana-kolazaina amin'izany ny governemanta iray manontolo fa niantso tànamaro nandeha namono afo kanefa dia ravin-kazo no nentina tamin'izany. Tsy manana vina ho entina manarina ny lasa lavenona anefa ny mpitondra na dia nampanantena aza fa ho rakofana zanakazo ny enina alina hektara eto Madagasikara. Mirehitra tanteraka ihany koa ny faritra maro eto amin'ny Firenena raha ny tsy fandriampahalemana no tenenina. Vao tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity no nisy tanàna iray manontolo nodoran'ny mpiaro ny « vahaoka sy ny fananany » satria, hono, tanàna mpampiantrano sy mpamatsy sakafo dahalo. Amanjatony no tsy manan-kialofana sy very fananana tao anatin'ny indray mipi-maso. Mirehitra indray izany ny afo eo amin'ireto mpandoro tanàna ireto sy ny mponina satria tokony natao izay namandrihana ny dahalo sy namongorana azy, ary inona izao no fepetra ho raisin'ny mpitondra hanarenana ny fiainan'ny mponina ao amin'ity toerana ity. Miaina ao anaty afo be mampatahotra ny mponina manerana an'i Madagasikara amin'izao fotoana izao ary tsy mety maty izany ka may izay andalovan'izany. Tato anatin'ny herinandro, eo anivon'ny fahefana mpanatanteraka ihany dia tsy fantatra iza marina no nandrehitra ny afo, teo amin'ireo telo lahy faratampony ao amin'ity andrim-panjakana ity, satria rakotry ny setroka tanteraka izay nifanarahan'izy ireo momba ny safidin'ny minisitry ny raharahambahiny nanameloka ny fibodoan'ny rosiana ny faritra efatra any Ukraine. Afon'apombo ity toe-draharaha ity ka na toa tsy misy afo miredareda aza dia ho may izay manitsaka eo satria tsy azo hiverenana intsony ny latsabato ka raha hilaza ny fitondrana Rajoelina Andry fa tsy nifanarahana izany dia hilaza ny tandrefana fa miandany amin'ny fananiham-bohitra ataon'ny rosiana izany izy Ka tsy hisy antenaina intsony ny momba ireo Nosy Malagasy bodoin'i Lafrantsa, ary ho tapaka tanteraka ny famatsiana ara-bola avy any amin'ny tandrefana ho an'ireo tetikasa. Raha hanambara anefa fa manaiky ny latsabato dia ho avy ny rosiana amin'ny angady sy ny harona satria nisy fifanarahana ara-tafika teo amin'ity firenena ity sy i Magadasikara. Raha ireo tranga ireo no dinihana dia midedaka sy mandravarava ny afo ary manaparitaka izany haingana ny fitsoaky ny rivotra. Tsy afom-panadiovana ny mpanao ratsy anefa no misy eto amin'ny Firenena amin'izao fotoana izao fa afo mandevona ny tsara sy mampitsiriritra ny hafa.

***Andry Tsiavalona***

## TONONKALO

## Ny praiminisitra sy ny governemanta

Toa mamikitra hatrany ka mampiaiky ny mpitazana
Ity ilay mody tsy miteny sy tsy misy fahombiazana.
Misy ve ny zava-miafina sy tsiambaratelo tanany,
Ka leferina hatrany ireo rehetra havendranany ?

Toa mamikitra hatrany ka dia efa igagana,
Na dia efa ratsy laza noho ny bizina mafana.
Angaha io vitan-teny kely miharo fanadiovan-tena,
Fa ahoana ny amin`ny vata nitehirizam-bolamena ?

Toa mamikitra hatrany miaro seza iretsy ekipa,
Na dia tapitra manondrana na ny tary na ny sipa.
Efa tsisy andrasana aminy ka ikimpiana ny hadalany,
Fa avela moramora hanapitra ny taom-piasany ?

…Toa mamikitra hatrany ny olon-dratsy eto amintsika,
Manao hevitra maloto sy mampiasa fikafika .
Tena mila mieritreritra izaho sy ianao izay mbola hifidy,
Tsy hiverenan`ireo ratsy nampisotro ny mangidy !

***TSIMIMALO (Oktobra 2022)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Navalona

**Mitety vohitra hatrany ny ekipan'ny DisTim Ambohidratrimo, manohy ny fanavaozana ny lisitry ny mpikambana TIM, ao anivon'ny distrika.**










**Ny fanamarihana ny fetin'ny Repoblika : 14 oktobra 1958, niarahana tamin'ny antoko PSD tany Mandritsara faritra Sofia.**









## NY TENY FIAINANA

*Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina.*

***Romana 12:2***

### Barea U23 sy Panthères du Gabon U23

# Rahampitso no fotoana etsy Mahamasina

Rahampitso alahady 23 ôktôbra 2022 no fotoana hifanandrinan'ny Panthères du Gabon U 23 sy ny Barea U 23 etsy amin'ny kianjan'i Mahamasina eo amin'ny lalao mandroso amin'ny fifanintsanana dingana faharoa hahazoana miatrika ny CAN Maroc U 23 amin'ny taona 2023. Marihana fa ny lalao miverina amin'ity fifanintsanana faharo ity kosa dia ho tontosaina any Gabon amin'ny alatsinainy 31 ôktôbra 2022 ho avy izao. Asa na ho mafy noho ny ekipa U 23 Seychellois nifandona farany tamin'ny Barea U 23 ity ekipan'i Gabon U 23 ity na mbola ho azo hangalana isa maro tahaka azy ireo koa ?

***Rainilita***



Barea U23, 2022 tetsy Mahamasina.

### Rugby Africa Women's Cup Qualification 2022

# Hifandona amin'i Tunisie anio sabotsy ny Makis Ladies XV



Ny Makis Ladies XV any Tunisie.

Anio sabotsy 22 oktobra 2022 no hiditra an-tsehatra fanindroany ny Makis Ladies XV eo amin'ny fifaninana "CAN Rugby Women 2022" vondrona C izay tontosaina any Tunisie ka ry zareo mpampiantrano no hifandona aminy ao amin'ny kianja "El Menzah Rugby Stadium" any Tunisie amin'izany. Tsiahivina fa tamin'ny lalao voalohany nataony dia efa nandresy ny ekipam-pirenena Senegale tamin'ny isa 34 – 25 ny Makis Ladies XV.

***Rainilita***

### Barea Beach Soccer

# Anio sabotsy no hanomboka hilalao any Mozambika

Anio sabotsy 22 oktôbra 2022 no manomboka amin'ny 3 ora 30 ao amin'ny kianja "stade Vilankulo Arena" no hanomboka miditra an-tsehatra eo amin'ny fifaninanana CAN Beach Soccer Mozambique 2022 ny Barea Beach Soccer ka hifanandrina amin'ny ekipan'ny Beach Soccer avy any Egypte. Rahampitso alahady 23 oktôbra 2022 kosa hanomboka amin'ny 12:30 antoandro dia ny ekipan'ny Beach Soccer Ougandais no hifanandrina amin'izy ireo ary amin'ny alatsinainy 24 oktôbra 2022 amin'ny 2:00 dia ny Beach Soccer Sénégalais no hifampitana aminy.



***Rainilita***

### Basket Road To Bal Antananarivo 2022


# Ekipa 3 sisa no hifaninana etsy Mahamasina



Ekipa 3 sisa no hifaninana amin'ny hetsika "Basket Road To Bal Antananarivo 2022" tontosaina etsy amin'ny "Palais des Sports Mahamasina" nanomboka omaly zoma 21 ôktôbra 2022 dia ny Cospn (Madagascar), Djabal (Comores) ary ny Kpa (Kenya). Teo amin'ny ora farany tsy hanombohan'ny fifaninanana (alakamisy 19 ôktôbra 2022 hariva) no nampahafantatra tamin'ny FIBA nilaza ny tsy ho hahatongavany aty Madagasikara indray ny ekipan'ny Roche-Bois Warriors avy any Maurice. Niova, araka izany, ny fandaharam-potoana nofaritana tany aloha fa ho tanterahina amin'ity hetsika ity izay lasa toy izao : Zoma 21 ôktôbra 2022 – 17:00 : Cospn (Madagascar) # Djabal (Comores), Sabotsy 22 ôktôbra 2022 – 17:00 : Djabal (Comores) # Kpa (Kenya), Alahady 23 ôktôbra 2022 – 17:00 : Kpa (Kenya) # Copn (Madagascar).

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Korzety sy totoken'omby indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ketsaketsa izany. Tsara raha hasiana lasary voatabia na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba fanalana vakivaky amin'ny faladian-tongotra

Tongo-bakivaky ka sady maharary no maha-menatra. Fanalana tongotra vakivaky indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

Ireto no fomba atao analana azy, iray amin'ireto ihany:

1- aloe vera gel ahosotra aminy isan'andro, diovina aloha ny tongotra izay vao hosorana ilay gel.

2- Vaseline petroleum, ahosotra aminy amin'ny alina, entina matory. Tongotra madio no hasiana azy.

3- Menaka diloilo kôkô.

4- Lomana rano misy vinaigre de cidre 15 min dia kosehina ary hasiana crème avy eo.

5- Lomana rano misy bicarbonate de soude 15 min dia kosehina ary hasiana crème avy eo.

6- Colgate.

8- poudre vary hasiana vinaigre de cidre kely, sy tantely ahosotra aminy. Avela eo 30 min dia sasana hosorana crème avy eo.

Atao isan'andro ny iray amin'ireo mandrapahafaka azy. Mihinana sakafo ara- pahasalamana , misotro rano be.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ambatovola distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Ambatovola distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambatovola ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 21 mandrafitra ny distrikan'i Moramanga. Azo lazaina ho avo toerana izy, satria 663 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Any atsimo atsinanan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy an'Ambatovola. Vokatra any ny vary, ny voankazo isan-karazany toy ny manga, ny letchi, ny longoza, ny haninkotrana toy ny mangahazo. Lalovan'ny lalamby mampitohy an'Antananarivo sy Tomasina: TCE, ity tanànan'Ambatovola ity.



ASSANATI FAMO GIDRAKA

# Tsy manao politika ny fikambanany

Nanamafy ny fanambaràna izay efa nataony tao anatin'ny tambazotran-tserasera ny 8 oktobra lasa teo, tao anaty facebook, ny filohan'ny fikambanana Assanati Famo Gitraka werawera tsy maintsy mandeha. Izaho Assanati Famo Gidraka izay Filoha Mpanorina ny Fikambanana sy ny Werawera tsy maintsy mandeha dia milaza etoana ho antsika jiaby mpisehatra "Facebook", fa tsy manao politika velively, ary tsy manohana na iza na iza, ka tsy voasaringotra amin'ny raharaha politika. Raha nanao Publication mahakasika an'i Malama na Mahery Lanto Manandafy ny tenako hoy izy dia amin'ny maha namako azy fotsiny, noho ny fahavoazany mahazo azy no antony. Koa izany no hamerenako izao fanazavana izao, satria izaho sy ny olona tarihako dia tsy manao Politika. Hamafisiko hoy i Assanati Famo Gidraka, fa hanatsahatra aloha ny resaka momba an'i Malama aloha hatreto. Ary marihiko etoana hoy ny fanambaràna nataon'ity filohan'ny fikambanana mpanao asa soa ity, fa tsy ho tompon'andraikitra amin'izay zavatra mety hiseho ny tenako sy ny fikambanana Werawera tsy maintsy mandeha izay tarihako. Noho izany dia ajanoko ny fizarana vola mahakasika an' Andriamatoa Malama, fa ny finamananay dia mipetraka eny foana.


Assanati Famo Gidraka.

Mitohy ny fizarana tosika PPN ho antsika namana mpiwerawera rehetra, satria tsy misy manana ny ampy fa sambatra izay mifanampy ary ny Werawera tsy maintsy mandeha hatrany, hoy hatrany ny fanambarany.

**Helisoa**

Ballon d'Or 2022

# Norombahan'i Karim Benzema

Tamin'ny alatsinainy 17 ôktôbra 2022 no voafidy ho « Ballon d'Or 2022 » i Karim Benzema mpilalaon'ny Real Madrid sy ny ekipam-pirenena Frantsay. Izy izany no Frantsay faha-5 nandrombaka an'ity amboara goavana ity tao'ianan'i Raymond Kopa (1958), Michel Platini (1983, 1984, 1985), Jean-Pierre Papin (1991) sy Zinédine Zidane (1998). Filaharan'ireo mpilalao 10 voalohany : 1er : Karim Benzema (Real Madrid / France), 2e : Sadio Mané (Liverpool / Bayern Munich / Sénégal), 3e : Kevin De Bruyne (Manchester City / Belgique), 4e : Robert Lewandowski (Bayern Munich / FC Barcelone / Pologne), 5e : Mohamed Salah (Liverpool / Egypte), 6e : Kylian Mbappé (PSG / France), 7e : Thibaut Courtois (Real Madrid / Belgique), 8e : Vinicius Junior (Real Madrid / Brésil), 9e : Luka Modric (Real Madrid / Croatie), 10e : Erling Haaland (Borussia Dortmund / Manchester City / Norvège). Tany amin'ny laharana faha-20 vao tazana i Cristiano Ronaldo efa nandrombaka imbetsaka an'ity amboara ity.

**Rainilita**


Karim Benzema.

Tranga mampivarahontsana

# Novonoiny tamin'ny fomba feno habibiana ny vadiny

Tranga mampivarahontsana no nitranga tany Toliara I, novonoiny tamin'ny fomba feno habibiana ny vadin'ny lehilahy iray tany an-toerana. Renim-pianakaviana novonoin'ny vadiny tamin'ny fomba feno habibiana ny marainan'ny 20 oktobra 2022 tamin'ny 06 ora maraina no nitrangan'ny loza. Teo ampandraisana sakafo maraina no nanomboka nifamaly izy mivady, ka niafara tamin'izao fahafatesan'ity renim-pianakaviana ity izao.

Nodarohan'ilay raim-pianakaviana tamin'ny fatana roa ny lohan-dramatoa, ka niafara tamin'ny fahavakisan'ny lohany ary nampiparitaka ny betron'ity farany. Nandositra ity raim-pianakaviana ity rehefa avy namono ny vadiny, fa saingy saron'ny mpitandro ny filaminana ihany minitra vitsivitsy taty aoriana.

**Niaina**


Fatana, anisan'ny nidarohan'ilay raim-pianakaviana ny vadiny.

Fiba Africa Regional Youth Camp

# Nifarana tamin'ny alakamisy 20 ôktôbra ny tany Senegal

Tamin'ny alakamisy 20 ôktôbra 2022 lasa teo no nifarana ny fiofanana basikety "Fiba Africa Regional Youth Camp Sénégal 2022" izay notontosaina nandritra ny hateloana ka nandraisan'ireo mpilalao zatovovavy Malagasy anjara dia Rakotonanahary Joanie Anyssa sy Ramahatra Taratriniaina Muriel Erica, mpilalaon'ny Ankoay U18 Zatovovavy. Tany Dakar renivohitr'i Sénégal no nanatanterahana ny hetsika ary anisan'ireo mpanazatra 15 voaasa nisitraka ny fiofanana tany an-toerana ihany koa i Razazarohavana Malalatiana, mpanazatra ny Ankoay U18 Zatovolahy. Nandritra ny lalao famarana ny « FIBA Africa Regional Youth Camp » tamin'ny 20 ôktôbra 2022 io dia samy tafiditra ho isan'ireo mpilalao voafantina niatrika ny Lalao All Star Game ireo mpilalao Malagasy roa ireo ary anisan'ireo mpanazatra nitondra io lalao famaranana io ihany koa i Razazarohavana Malalatiana.

**Rainilita**


"Fiba Africa Regional Youth Camp Sénégal 2022".

Handball CCCOI Mahajanga 2022

# Ekipa malagasy 3 no niatrika lalao manasa-dalana

Ekipa malagasy 3 no niatrika lalao manasa-dalana omaly zoma 21 ôktôbra 2022 tany amin'ny kianja complexe sportif de Mahajanga" eo amin'ny fifaninanana handball "CCCOI 2022". Teo ny ekipan'ny Hbc Analamanga sy My-Sah Hbc Ambatomirahavavy teo amin'ny sokajy vehivavy izay nikatroka tamin'io manasa-dalana io ary ny ekipan'ny Cosfa Analamanga teo amin'ny sokajy lehilahy izay nifanandrina tamin'ny ekipan'ny Château Morange (Réunion). Marihana fa rahampitso alahady 23 ôktôbra 2022 no hifarana ity fifaninanana ity.

**Rainilita**


Handball CCCOI.

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 22/10/2022 hatramin'ny 29/10/2022**

- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50/033 05 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51/034 89 056 09
- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1360-10-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FIAINAM-PIRENENA**

# Mbola ho ela isika vao ho tafarina

Hita sy tsapa izao fa sahirana ara-bola ny rehetra manerantany raha ny karama fotsiny ihany no jerena. Ny any Frantsa anefa dia tsy olana, fa avela malalaka ireo mpikarama haneho ny heviny, hitokona, hidina an-dalambe hanao fangatahana miaraka ny fisondrotan-karamany, tsy olana mihitsy izany manerana ireo tanàn-dehibe. Firaisan-kina, fiarahamiombon'antoka, manoloana ny fitondrana sy mpampiasa isan-karazany no tian-kambara amin'izany, tsy misy na zandary na polisy na tafika hitsipaka, fa dia miezaka mandamina fotsiny ihany satria miara- mitsinjo tombontsoa iraisana manodidina izany.
Ny eto Madagasikara anefa dia mifanohitra amin'izany tanteraka, raha vao misy hetsika, feo mivoaka fa hidina an-dalambe na hanao fitokonana, grevy ny toerampiasana iray dia efa misahotaka Ra-fitondrana, ka ireo zandary hatrany no maka bahana mialoha arahin'ny polisy sy miaramila, ka azo inoana foana fa sakoroka manara-penitra amin'ny baomba mandatsa-dranomaso izay mety hiafara amin'ny fanagadrana foana aza izany. Mazava araka izany fa raha ny teto amintsika toy ny grevin'ny mpiraki-draharaha, ny tranga tao amin'ny raharaham-bahiny, ny tao amin'ny fitsaboana ireny, ny tany amin'ny Secren, Asecna, Ankatso sy Anjerimanontolo samihafa, ny tantara niseho tany Mahajanga, sns... no miara -mihetsika toy ireny any Frantsa ireny, dia hanao ahoana ny tantara? Isika moa efa sahirana tanteraka raha vao mihetsika dia fandrahonana ihany koa, efa very an-daharana mihamahantra, ka tsy mahagaga raha hilaza ny sasany manao hoe: manana ny ampy ny firenena, fa tsy mahay mitantana ny mpitondra ka very tsikilikely eo amin'ny tantara. Tokony hiara-hifarimbona amin'ny zavatra atao fa tsy hanao tian-kano toy izao, mitongilana amin'ny samy malagasy,... Aoka tokoa ny tantara no hitsara hoy ilay voatsipaka vao andro vitsivitsy izay!



*Tsy malalaka ny fitakian'ny olona ny zony eto amintsika.*

***Beharo***

Hetsika « Woodstock Octoberfest Rock»

# Hanentana ny olona hiady amin'ny doro tanety amin'ny alalan'ny hira

Hivondrona ireo artista misehatra amin'ny gadona "Rock" eto Madagasikara, mba hanentana ny tanora handray anjara amin'ny fiarovana sy ny fikajiana ny tontolo iainana. Hikarakara fampisehoana antsoina hoe "Woodstock Octoberfest Rock" etsy amin'ny Kianjan'ny Kanto ny 30 Oktobra 2022 ho avy izao ny "Generation Event", izay handraisan' ireo mpanakanto amin'ny gadona "Rock" anjara, hahafahana mamerina indray ny fitiavan'ny tanora ny zava-boahary ary hanosika azy ireo tsy hanimba intsony ny tontolo iainana. Artista maromaro no handray anjara amin'ny hetsika ao anatin'izany i Nini avy amin'ny tarika Kiaka; ny tarika "Locomotive"; ny tarika Dee A; ny tarika "Generation Rock" … Nilaza ny mpikarakara ny fampisehoana, fa mbola hanohy ny hetsika fanentanana any amin'ny faritra ny mpikarakara amin'ny volana Desambra 2022 ho avy izao, satria ny hira no akaikin'ny tanora ary fitaovana iray ahafahana mandresy lahatra an'ireto farany tsy hiroso intsony amin'ny fadoroana tanety. Tsiahivina fa 10 000 Ar no saran'ny tapa-kila hahafahana mandray anjara amin'ny seho sehatra "Woodstock Octoberfest Rock' ary ny 10% avy amin'ny vola azo avy amin'ny fampisehoana, no hividianan'ny mpikarakara zanakazo, mba hanomanana ny hetsika fambolen-kazo, izay hotanterahina mandritra ny fotoam-pahavaratra ho avy izao.


***Franck Razakambelo***




BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 409**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0408)

**Mitsivalana**
- Katolika
- Ra – Foh(y)
- Naoty – Ao
- Tanala
- Omby
- Noro
- Afomanga

**Mitsangana**
- Kintana
- AA – Fo (miv)
- Trondro
- Atao (miv) – OM
- Lio
- If – Amen
- Koa
- Ahodina

### TENY MIFANAPAKA N° 409




**Mitsivalana**

**1.** Fitaterana mahazatra **2.** Enti-milaza – Ambony – Faran-teny (miv) **3.** Natsaraina **4.** Tsofoka – Marina (miv) – Faly (miv) **5.** Kere, noana **6.** Latsa-dranomaso (miv) **7.** Nandray – Aro orana **8.** Sakoroka – Lera – Tsirin-teny Mpifanao **9.** Nisambotra vola **10.** Tao – Haingana (miv)

**Mitsangana**

**A.** Volana boribory **B.** Arivonimamo – Aretina (miv) **D.** Karazana fitafiana **E.** Anarana malagasy **F.** Tafavoaka soamantsara – Mahantra **G.** Kosa – Fifadian-kanina (miv) **H.** Sakafo – Zavatsarotra **I.** Seranana malaza – Ao amin'ny vala **J.** Milaza fananana (miv) **K.** Mifandamina, mifanaiky (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0408

**Mitsivalana**

**1**. Nampakatra **2**. Sainy (miv) -Maro (miv) **3**. Fary – Anay **4**. .Masera (miv) – Na **5**. Nono – Niasa (miv) **6**. Sida (miv) **7**. Saribakoly **8**. Firenena (miv) **9**. Lena (miv) – Nify **10**. Voina – Dona (miv)

**Mitsangana**

**A** Nifanisa **B**. Orana (miv) – Anao **D**. Mirenireny **E**. Paiso – Neny (miv) **F**. As – Abela **G**. Radama (miv) **H**. Noa (miv) – Sikina **I**. Tra – Nifosa (miv) **J**. Rainy – Fo **K**. Ma (miv) – Didiana (miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Navalona

**Mitohana ny fiara, ny fako efa tonga eny amin'ny arabe, ny lalana ratsy. Mijaly mihitsy, Mandroseza mihazo an'Ambanidia.**









